# TORITENY-ALAHADY faha-21 TSOTRA - TAONA D 2025



***Hisy olona avy any Atsinanana sy avy any Andrefana hipetraka hihinana eo amin'ny Fanjakan'Andriamanitra.***

Ry kristianina havana, raha tamin'ny herinandro lasa isika nandinika sy nibanjina an'i Masina Maria nampakarina vatana sy fanahy any an-danitra ary any tokoa no toerana iombonantsika dia olo araiky amin'ny Trinité Masina tokoa isika.  Ary tamin'ny alahady faha-20 lasa teo isika niara-nisaotra an'Andriamanitra tamin'ny fanamasinana pretra. Mivavaka ho azy ireo hatrany isika. Tadidintsika ny foto-kevitra nanentana antsika tamin'izany: mila safidy ny fiainana ary tsy vitan'ny safidy fa mila fola-kevitra manatanteraka izay safidy izay eo amin'ny fiainana andavanandro raha te-hahita fivelarana marina.

Ny fampianarana androany Alahady faha-21 mandavantaona izao kosa dia manatitrantitra fa sady noharian'Andriamanitra ho fianakaviana iray eto an-tany isika no fianakaviana iray any an-danitra. Io ilay averimberintsika Olo Araiky isika Jiaby ary am-panetren-tena no ilazana azy fa nohamafisin'ny Papa François tamin'ny Antsikilikany Fratelli Tutti izany ary mbola voizin'i Papa Léon faha XIV. Io ny tanjon'izao Sinaody faha-7 fa indrindra ny fijanonana faha-3 : EOV mifampitsimbina, mifanasoa, mikatsaka ny soa iombonana manarina ny Tranobe Iombonana efa robaka. Tsy mora izany fa ady sy ~~ny~~ dia ny fiainana. Hamafisin'i Jesoa izany amin'ny Evanjely raha milaza amintsika izy hoe : "miezaha miditra amin'ny varavarana ety fa malalaka ny lalana amin'ny fahaverezana…"

***Vakiteny I :*** *Iz. 66, 18-21*
***Salamo :*** *Sai. 116*
***Vakiteny II :*** *Heb. 12, 5-7. 11-13*
***Evanjely :*** *Lk. 13, 22-30*

Andao àry hijery ny Tenin'Andriamanitra isika. Ny vakiteny voalohany dia manambara amintsika fa antsoin'Andriamanitra hiverina sy hiombona aminy ny firenena rehetra, ho Olo araiky ao aminy na ny avy any atsimo, na ny avy any avaratra, na ny avy any antsinanana na ny avy any andrefana dia hiombona ho iray ao amin'Andriamanitra ary izay ny voninahitr'Andriamanitra : isika ho Olo Araiky ao Aminy. Noharian'Andriamanitra isika ho ao aminy. Ry Kristianina havana, Andriamanitra dia mikatsaka mandrakariva ny hahasoa antsika, izao anefa, tsy maintsy mahay mamaly ny antsony isika, izay no ampianarin'ny

Evanjely androany raha nisy olona nanontany an'i Jesoa : " Tompoko, moa ve dia ho vitsy ihany ny ho voavonjy ? " Nampianarin'i Jesoa fa mila mikely aina ny miditra amin'ny varavarana ety. Inona ny tian'i Jesoa ambara amin'izany mikasika ny varavarana ?

Ny varavarana malalaka dia ny fampianaran'izao tontolo izao, izay lazaintsika matetika lojikan'izao tontolo izao : ny fakam-panahy mahatarika antsika matetika satria moramora kokoa, tsy mitsahatra aho ny mamerimberina an'izany amintsika fa ny fampianaran'izao tontolo izao dia mamitaka antsika ka mora voasarika isika fa indrindra ny tanora ka mora lavo amin'ny fakam-panahy.

Izany indrindra no mahatonga antsika miatrika an'izao Sinaody izao satria maro ny voka-dratsy entin'izao krizy mafy sy maro lafy izao. Ampian'izao fahasarotam-piainana izao ihany koa ka maro amintsika no very fanahy mbola velona. Raha izao tontolo no tratrin'izany dia azo eritreretina fa isika kosa manana an'i Kristy Lalana sy Fiainana ary Fahamarinana. Afaka mametraka torolalana mazava hahitana fivelarana ny maha olona manontolo sy ny olon-drehetra isika.

Amin'izao Alahady faha-21 izao dia mananatra antsika i Jesoa ary manambara amintsika ny anjara toeran'ny finoana, izany hoe : mitaky safidy ny finoana ka noho izany indrindra dia tsy tany malemy anorenam-pangady izay midika varavarana malalaka, fa tany lonaka izay midika varavarana ety, iasan'ny fahasoavan'Andriamanitra ka hahazoantsika ny fiadanana sy fahasambarana.

Tsy ampy fotsiny ny manao hoe nanatanteraka an'izao izahay, nanao sapilé izahay, nandray kominio izahay na koa hoe vita raha jiaby izahay araka ny fitenintsika matetika, izany no lazain'i Jesoa sy ambarany amin'ny hoe "*Ary amin'izay ianareo dia hanao hoe: 'Nihinana sy nisotro teo anatrehanao izahay, ary nampianatra teny amin'ny kianjanay. Fa hovaliany hoe: 'Lazaiko aminareo fa tsy fantatro izay niavianareo*; " Izany hoe ho fantatr'i Jesoa isika raha manahaka azy satria Kristianina isika, raha tiantsika ny ho fantatr'i Jesoa dia amin'izay fotoana hiombonantsika ho fianakaviana iray ao aminy. Antsoiny amin'izay isika ary izany no efa nosantarin'i Masina Maria izay efa nampakarina any an-danitra satria izy dia niaina sy niombona tanteraka tao amin'i Jesoa. Kristianina isika ka izay no tian'i Jesoa ambara amin'ny fidirana amin'ny varavarana ety, izay fiainan'i Jesoa no fiainantsika.

Ry Krisitianina havana tsy maintsy miezaka isika, tsy ampy ny mandray ny sakramenta rehetra fa tsy maintsy mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Aoka ny fiainantsika ho fiainana maneho fanarahan-dia an'i Kristy isika, mila manana fiainana Kristianina izay manambara fa manana safidy matotra isika, izay midika ihany koa hoe tany lonaka iasan'ny fahasoavan'Andriamanitra hahazoantsika ny hasambarana ao anatin'izay maha fianakavian'Andriamanitra izay. Io no ambaran'i Jesoa "*Hisy olona avy any Atsinanana sy Andrefana, ary avy any Avaratra sy Atsimo, hipetraka hihinana eo amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Ary indro hisy farany izay ho voalohany, ary hisy voalohany izay ho farany* ".

Izany rehetra izany no tanjona tiantsika apetraka miainga avy amin'izao Sinaody izao. Hametraka rafitra hanampy antsika isika. Ireo tondro zotra vokatry ny Sinaody no hanampy antsika ho Fianakaviana Eglizy kely miara-mivavaka mandalina finoana ka tonga Eglizy Olo velomin'ny Batemy miombona mandray an-tanana zary Misionera Tabernakla velona. Tsy resabe fotsiny na hira na dia mahafinaritra ny maha-katolika antsika fa tsy maintsy miseho amin'ny fiainana andavanandro. Mila rafitra manampy hanana fivelarana marina

ahafahantsika mijoro ho vavolombelona.
Inona ny dikan’izany rehetra izany? Ny tian'i Jesoa ambara tsy hoe hihazakazaka ary marina tsy maintsy manao ezaka isika fa ny tadiaviny dia isika mivelona an'izay maha zanak'Andriamanitra antsika izay, ny maha fianakavian'Andriamanitra antsika. Izay no ambaran'ny vakiteny faharoa taratasy ho an'i Hebrio "Aza hadinonareo ny fananarana izay nomena anareo". Ary indraindray amin'ny maha varavarana ety azy dia misy famaizana, misy sedra tsy maintsy tanterahina satria tsy mandeha ho azy ny finoana, tsy hoe tany malemy hoy isika fa tsy maintsy mamola-tena isika, tsy maintsy misy fahafoizana. Izay no ambaran’ny famaizan'ny Tompo amin'ny vakiteny faharoa io, tsy maintsy eo ny sedra isan-karazany atrehintsika, hahafahantsika miditra amin'ny varavarana ety izay. Averina indray tsy hoe fijaliana no tadiavin'ny Tompo sanatria ary porofon’izany raha manao ny vavaka ampianariny isika dia tsy manao hoe : "Omeo anay anio ny fijalianay isanandro", tsy izay no angatahintsika amin'ny varavarana ety ary izy rahateo efa nilaza tamintsika hoe : "Mankanesa aty amiko ianareo izay vesaram-pahoriana fa hanamaivana anareo aho". Ny tadiaviny dia izy ho eo anivon'ny fiainantsika, izy no ivom-piainantsika.

Ry Kristianina havana, aoka amin'izao fotoana avy niatrehantsika ireo fanamasinana pretra sy diakra izao, hivavaka ho azy ireo isika mba ho i Kristy tokoa no safidim-piainany ary dia ho hita amin'ny fiainany fa olon'Andriamanitra izy ireo. Miomana amin’ny Sinaody koa isika hanaovantsika “départ vaovao” fa tsy “départ zéro”. Izany rehetra izany no mahatonga ahy matetika milaza amintsika hoe aoka hivavaka ho an'ny pretra isika mba hanana pretra masina sy maro ka amin'izay mba ho afaka hitarika antsika ihany koa amin'izay maha Kristianina antsika izay. Marina ilaina ny maro fa ny tena ilaina dia pretra masina izany hoe na dia tsy lavorary aza dia pretra miombona amin’Andriamanitra. Ny dikan’ny hoe “masina” araka ny efa naverimberintsika dia midika “fiombonana amin’Andriamanitra”.

Ry Kristianina havana aoka mba hiseho amin'ny fiainantsika tokoa ny safidintsika fa nantsoin'Andriamanitra ho fianakaviany isika, ho fianakaviana iray ao aminy, ho Olo Araiky aminy, ho Fratelli Tutti hoy ny Papa, Mpiray Tampo isika Jiaby.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, mba omeo anay tokoa ilay tampon'ny fahasoavana avy aminao dia ho tonga anisan'ny fianakavianao tokoa izahay, hiadam-pinaritra ao aminao. Ampianaro hiaraka aminao na amin'ny sarotra na amin'ny mora amin'ny fanorenana ny fanjakanao ary enga anie dieny izao izahay hiombona anjara amin'ny hasambarana maha-zanak'Andriamanitra tokoa. Enga anie ny sakramenta noraisinay tsy hoe ety ivelany fotsiny fa maninteraka tokoa ny fiainanay ka hiezaka izahay mba ho lavorary sy hiombona ao aminao mandrakariva. Masina Maria renin’Andriamanitra, Renin’ny Eglizy mivavahà ho anay amin’izao ezaka ataonay izao hanorina EOV manorina ETA. Md Josefa, Ray Mpiaron’ny Eglizy Eran-tany mivavahà ho anay amin’ny fijanona faha 3 amin’ny sinaody eto amin’ny diosezy mba hirosoanay amin’ny lalindalina kokoa ka hahatonga any ho EOV MIFAMPITSIMBINA MIFANASOA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson